# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Novambra 2018

# 24 Asabotsy novambra

**Mitadiava an'i Jehovah, dieny mbola hita Izy, miantsoa Azy, dieny mbola akaiky Izy. Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny làlany, ary ny tsy marina hahafoy ny heviny ; ary aoka hiverina ho amin'i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, eny, ho amin'Andriamanitsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy.**
Isaia 55. 6-7

## Nanao dingana hanatona an'i Jesosy aho (2)

„Resy lahatra aho fa tokony hanao ny dingana ho amin'ny finoana, nefa dia nangataka andro hatrany. Taoriana toe-javatra maro niainako, indray takarivan'ny volana avrily 1983, dia nangatahako Jesosy mba hiditra eo amin'ny fiainako. Toy ny tsambiki-trika anaty rano lalina izany, dingana tsy ahafaha-mihemotra intsony. Nandroso nanatona an'i Jesosy aho, ary dia nanatona ahy koa Izy. Novohaiko ny varavarana, dia niditra tao amin'ny fiainako Izy. Nanomboka tamin'io hariva io, dia nisy fiovana tao anatiko. Tsy takatro daholo ny zavatra rehetra, saingy fantatro kosa fa misy Andriamanitra, ary Jesosy no Ilay Mesia maty noho ny fahotako sy efa namela ny heloko.

Ny fivavahana jiosy ampianarin'ny raby, toy ireo fivavahana hafa ihany, dia miantehitra amin'ireo fombafomba amam-pitsipika ivelany, mba hanatsarana tsikelikely ny toetran'ny olona. Manao ezaka manokana ny olona mba hahazo tombontsoa sy sitraka avy amin'Andriamanitra. Miezaka izy ny ho mendrika ny famonjena sy ny fiainana mandrakizay. Izany anefa dia fanandramana mampamoy fo sy tsy mamokatra. Fa mifamadika amin'izany kosa, Jesosy dia manolotra ho antsika vahaolana tena tsotra, fintinina toy izao : „Atolory Ahy ny fonao. Efa nataoko izay nilaina ho anao. Tamin'ny alalan'ny sorona nataoko, dia manadio anao Aho, mamela ny helokao, mahatonga anao ho teraka indray. Omeko fo vaovao tanteraka ianao". *

Sady tsotra indrindra ny mandray izany tolotra izany, no tena sarotra ! Ho an'izay tsy manan-kantenaina amin'ny tenany, dia tsy misy zavatra mora toy ny mandray am-pankasitrahana izany fanomezana izany. Fa izay feno avonavona kosa, dia tsy maintsy manetry tena sy mankatò, mba hino an'i Jesosy sy handray izay atolony antsika noho ny fitiavany tsy hita noanoa."

*Yossi*

* Vakio 1 Jaona 1. 7, 9 ; Jaona 3. 5-7 ; 1 Korintiana 6. 11